“Fantatro ny fahorianao sy ny fahantranao (nefa manan-karena ianao), ary ny fitenenan-dratsy* ataon’izay milaza ny tenany ho Jiosy, kanjo tsy izy, fa synagogan’i Satana. [*Grika: blasfemia; izahao Matio 9:3] Aza matahotra izay efa hiaretanao; indro, ny devoly efa hanao ny sasany aminareo ao an-tranomaizina, mba ho voazaha toetra ianareo, ary hanam-pahoriana hafoloana. Aoka ho mahatoky hatramin’ny fahafatesana ianao, dia homeko anao ny satro-boninahitra fiainana”. Apokalypsy 2 : 9 – 10